# NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO


*Ny gazetin'ny fiompiana trondro eto Madagasikara*

*Aogositra 2017 - n° 36 - Mivoaka isaky ny telo volana*

APDRA
PISCICULTURE PAYSANNE


## FANANGANANA RAFITRA SY FANDRINDRANA



**TAHA, FIKAMBANANA MPIOMPY TRONDRO MANAN-KARENA TETIKASA** (P. 6)

Morontsiraka Atsinanana

**FAMONDRONANA SY FAMPIFANDRAISANA IREO MPIOMPY TRONDRO** (P. 9)

Fampiofanana an-tsekoly

**NITERAKA FIENTANANA ARA-TSOSIALY, AO MATSIATRA AMBONY** (P. 8)

FRDA Vakinankaratra

**FAMATSIAM-BOLA NY FIOMPIANA TRONDRO** (P. 11)


AFD

Financé par
l'Union européenne

RÉGION
Nouvelle-
Aquitaine

RÉGION
NORMANDIE

## SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,

Ny fananganana rafitra sy ny fandrindrana indray no lohahevitra vaovao atolotry ny ekipan'ny « Feon'ny Mpiompy Trondro » anareo ao anatin'ity laharana faha-36 ity. Matetika ny tantsaha mpamokatra no mivondrona mba hahamora ny fanatrarana ireo tanjona maromaro napetrany. Endrika samihafa no isaloran'ny fikambanana aoriny, araka izay mampiavaka azy. Homenay anareo, ao anatin'ny tapany voalohany amin'ity laharana ity àry, ireo fahalalana tsara ho fantatra mikasika ny fananganana rafitra sy ny fandrindrana.

Aorian'izay no hitondranay aminareo ohatra mikasika fikambanana fototra, fahita eny anivon'ny fokontany, sy fikambanana manana rafitra lehibe kokoa toy ny vovonana izay mampitambatra fikambanana mpamokatra maromaro. Isan'izany, ny fiainan'ny fikambanana iray vao niforona tsy ela tao Ankazobe, ny fivoaran'ny fiainam-pikambanana mpiompy ao Faratsiho, ny fahavitrihana ara-tsosialy nateraky ny fifaranan'ny tetikasa fampiofanana an-tsekoly nataon'ny APDRA tao Matsiatra Ambony ary ny ezaka fampivondronana ireo mpiompy trondro any amin'ny Morontsiraka Atsinanana.

Ny fivoaran'ny fikambanana, ara-panjakana na tsia, dia miteraka filàna vaovao amin'ny lafiny fitaovana, teknika ary vola. Mitaky fiaraha-miasan'ny mpisehatra maro matetika ny famaliana azy ireny. Izany indrindra no mahaliana antsika amin'ny *Fonds Régional de Développement Agricole* izay mamatsy vola ny fampiroboroboana ny asa famokarana ambanivohitra ao amin'ny Faritra Vakinankaratra.

Fa hojerentsika mialoha izany ny vaovao mikasika ireo trondro vaventy nampiakarin'ny sekoly iray tao Amoron'i Mania sy ny fifaranan'ny PPMCE-SA, tetikasan'ny APDRA tany amin'ny Morontsiraka Atsinanana hatramin'ny taona 2012.

Mazotoa mamaky ary manome fotoana anao ho amin'ny manaraka indray !

**Ny ekipan'ny FMT**

# INONA NO VAOVAO ?

## Fampiofanana an-tsekoly, Amoron'i Mania
## NAMOKATRA TRONDRO VAVENTY NY KOLEJY SOANIRINA

Ny 22 jona 2017, nampiakatra vokatra trondro karpa ny sekoly Soanirina ao Kianjadrakefina, rehefa niompy izany nandritra ny enim-bolana tao amin'ny tanimbary nanaovan'ny mpianatra fampiharana. Nazoto nitondra mololo sy tain'omby hanamasahana tanimbary avy any an-tranony ny mpianatra. Raha 4 grama ny lanjan'ny zana-trondro iray nampidirina dia nahatratra 600 grama izany teo am-pamoahana. Nahatratra 10 kilao ny lanjan'ny trondro 17 niakatra tamin'ny velarana 9 ara rehefa natambatra.

Kely ny vokatra miohatra amin'ny isan'ny zana-trondro nampidirina (180) noho ny tsy fahampian'ny fatran'ny rano tao an-tanimbary tamin'ny fotoanan'ny mainandro, ny fandalovan'ny ranobe nahasafotra tanimbary tamin'ny fotoana fandalovan'ny rivo-doza, ny fisian'ny fibata. Nihatsara anefa ny vokatra niakatra raha mitaha amin'ny teo aloha satria sady nitombo ny isan'ny trondro no nihavaventy.

Ny vola azo tamin'ny fivarotana ny trondro dia entin'izy ireo hanohizana ny fiompiana amin'ny taom-pianarana manaraka. Nahavelom-bolo ireto mpampianatra ny vokatra azony ka nanamarihany ny fahavononany ny fikarakaran'izy ireo niaraka tamin'ny mpianatra ny toeram-piompiana, herinandro monja tao aorian'ny famoaham-bokatra. Hiezaka hanarina ny lesoka rehetra nisy nandritra iny fiompiana farany iny izy ireo.

Isan'ireo sekoly mavitrika niara-niasa tamin'ny APDRA ny kolejy Soanirina noho ny fiaraha-miasa matotra misy eo amin'ireo mpampianatra mpampita sy ny mpampianatra ary ny mpianatra.




*Nahafaly ireo mpianatry ny kolejy Soanirina ny vokatra azony*

## NIFARANA NY TETIKASA « PROJET PISCICOLE MADAGASCAR CÔTE EST - SÉCURITÉ ALIMENTAIRE » (PPMCE-SA)

*Nifarana ny volana jolay 2017 ny PPMCE-SA rehefa niasa nandritra ny 4 taona sy tapany tany amin'iny Morontsiraka Atsinanana iny. Ny Union Européenne sy ny Faritra Normandie no namatsy vola ny tetikasa ; ny APDRA, ny Faritra Atsinanana sy Analanjirofo ary ny ONG Mateza kosa no nanatontosa ny asa.*

Tontosa tao Toamasina ny talata 20 jona teo ny fivorian'ny komity mpitantana hanakatonana ny tetikasa, nahafahana niady hevitra mikasika ireo vokatra nisongadina sy ireo vinavinan'asa hanatsarana ny sehatra fiompiana trondro. Afaka nifanakalo hevitra mikasika ny teknika fiompiana trondro ihany koa ny mpisehatra maro amin'ny zotram-pihariana trondro tamin'io fotoana io.

### Ny fivorian'ny komity mpitantana

Nahavory mpiara-miasa maro ara-panjakana, ara-bola ary mpanatanteraka ny fivoriana ka isan'ireny Andriamatoa isany Lehiben'ny Faritra Analanjirofo sy Atsinanana, Ramatoa Talen'ny Fiompiana anaty rano, ireo solontenan'ny faritra *Normandie* sy ny *Union Européenne*, ny sampan-drahara-

han'ny faritra ao amin'ny Ministeran'ny Jono sy ny Harena Anaty Rano, ireo mpisehatra amin'ny fiompiana trondro eto Madagasikara ary ireo mpiompy trondro mpisitraka ny tetikasa.

Nanehoana ireo zava-bitan'ny tetikasa ny tapak'andro maraina. Nalefa tao koa ny horonan-tsary iray izay notontosaina tamin'ny volana may 2017. Voasongadina ao ireo loha-hevitra fototra mikasika ny asa notanterahina sy ny fomba fiasa ary ireo fototry ny teknika fakan-tahaka naroson'ny tetikasa. Efa azo jerena ao amin'ny tranokala, amin'ny alalan'ny *Youtoube*-n'ny APDRA izany.




*Eo amin'ny sary, havia miankavanana, ny solontenan'ny Faritra Normandie, ireo lehiben'ny faritra ary ny talen'ny fiompiana anaty rano*

## Ireo vokatra nisongadina teo amin'ny fiompiana trondro

Nandritra ny fotoana niasany dia nanolotra modely fiompiana trondro vaovao ho an'ny tantsaha tany amin'ny Morontsiraka Atsinanana ny APDRA. Fiompiana amin'ny fomba malalaka ireo karazan-trondro maro, afaka mifameno ao anaty dobo barazy no mbola afaka amokarana vary no niompanana.

Ny fiompiana trondro dia fomba iray ahafahana mampitombo ny fidiram-bolan'ny tantsaha ary mifandray sy mifameno tsara amin'ny asa hafa fiveloman'ny fianakaviana.

Hahazoan'ireo mpiompy trondro fahaleovan-tena sy hivelaran'ny fiompiana trondro amin'ny toerana maro dia nisafidy fomba fiasa tsy misy fanomezana ny tetikasa. Mifototra amin'ny fiaraha-manorina fotodrafitrasa amin'ny mpiompy ka tanterahina araka ny tanjony, ny fananany ary ny fahafahany izany.

Mpanentana miisa 12 no nofanina mikasika ny teknika fanajariana, fiompiana trondro, fanentanana vondrona ary fampiofanana ireo maniry hiompy trondro. Olona 188 naniry hiompy trondro no notohanan'izy ireo ka 100 amin'ireo dia efa manatavy trondro ao an-dobony raha 60 kosa no mbola eo am-pamitàna ny fanorenana ny dobony.

Ny faran'ny volana jona teo, dobo mirefy 22 ha no nidirandrano ary nahazoana salam-bokatra 400 kilao/ha/taona. 42 % amin'ny trondro vokatra no namidy, 45 % notehirizina hanohizana ny fanatavizana manaraka ary 13 % natao sakafo. 80 %n'ny trondro niakatra dia lafo any ambanivohitra avokoa. Manamora ny fahazoan'ny mponina any an-toerana proteina izany. Araka ny vinavina dia fianakaviana manodidina ny 2 000 no afaka nihinana trondro avy amin'ny dobo barazy, nandritra ny fotoana niasan'ny tetikasa.

## Fifanakalozan-kevitra mikasika ny fiompiana

Nandritra ny tapak'andro hariva no nanehoan'ireo mpisehatra maro ny asan'izy ireo teo amin'ny làlam-pihariana trondro eto Madagasikara. Nifanakalozana sy niadian'ny mpandray anjara rehetra hevitra izany avy eo. Lohahevitra maro no noresahina, isan'izany ny fampiofanana an-tsekoly momba ny fiompiana trondro an-tanimbary tao Afovoan-tany (PADPP2-APDRA), ireo zava-tsoa fanararaotra mikasika ny fampivoarana ny fiompiana trondro manodidina an'Antananarivo (AMPIANA - APDRA), ny asan'ny Tilapia de l'Est ary ny fampidirana karpa kaomina (Ivotoeram-piompiana ao Ivoloina, 1914) any amin'ny Morontsiraka Atsinanan'i Madagasikara.

Ny ampitson'io, nofaranana tamin'ny fitsidihana toerampiompiana trondro maromaro tao amin'ny distrikan'i Vatomandry ny fivorian'ny komity mpitantana.

## Vinavinan'asa aorian'ny PPMCE-SA

Mbola mila tohana hatrany ireo mpiompy mba hananany fahaleovan-tena eo amin'ny famokarana karazana zanatrondro sy hanatsarany ny fitantanana ireo fotoam-piompiana. Mila fanaraha-maso ihany koa ireo mpiompy mbola eo am-panorenana dobo mba hahavitany ireo asa fanajariana.

Mitohy, araka izany, ny fampandrosoana ny fiompiana trondro ao amin'ny Faritra Atsinanana, ny Distrikan'i Vatomandry sy Mahanoro, noho ny fisian'ny tetikasa vaovao hanohanana ny zotram-pihariana trondro vatsian'ny Faritra Normandie vola. Mpanentana roa kosa no hitsidika matetika ireo mpiompy any Analanjirofo mandra-piandry famatsiam-bola vaovao.




*Ny ekipan'ny tetikasa PPMCE - SA*

# FANANGANANA RAFITRA SY FANDRINDRANA

## VONDRONA MPAMOKATRA, FIKAMBANANA TANTSAHA SY FANANGANANA RAFITRA

*Atolotray anareo ao anatin'ity lahatsoratra ity ireo tsara ho fantatra mikasika ny vondron'ny mpamokatra, ny fikambanana tantsaha ary ny fananganana rafitra.*




*Fikambanan'ny vehivavy mpiompy trondro Fivoarana Andoharanomaitso, Matsiatra Ambony*

Hampivoatra haingana ny fambolena sy fiompiana dia ampirisihina ireo tantsaha mpamokatra hiasa anaty rafitra, hivondrona, hanangana fikambanana. Hevitra fonosin'ireo teny ireo ny hoe « Ny firaisan-kina no hery » na koa « Ny hevitry ny maro mahataka-davitra ». Sarotra ho an'ny tantsaha iray mitoka-monina any amin'ny toerana saro-dàlana tokoa mantsy ny hampita ny hetahetany, hivarotra na hividy vokatra amin'ny sandany tena tsara na koa hahazo tohana ara-teknika.

Mora kokoa ny ahenoana feon'olona maromaro mitambatra, mifameno ny hevitry ny mpikambana, azo atao ny mamaly tinady goavana… Tsy mora anefa raha samy mpamokatra no hivondrona : mila fotoana izany, mitaky fifanarahana eo amin'ireo tanjona kendrena ary fifampitokisana. Betsaka ny olana mety hitranga eo am-pananganana ny rafitra. Mila fandinihana lalina, araka izany, ny firosoana amin'ny fananganana.

Torohevitra vitsivitsy izay heverinay ho manan-danja ka tokony hodinihinareo mpikambana ao anatin'ny rafitra no harosonay.

### Tsy maharitra ny fikambanana iray raha tsy ahitan'ny mpikambana tombotsoa

Ny fikambanana matetika dia mila fotoana betsaka hivoriana, hiadian-kevitra ary koa fandoavana latsak'emboka sy fiasana ho an'ny hafa. Mahafinaritra sy manamafy ny fifandraisana ara-piarahamonina izany saingy mampiato ireo asa hafa fanao any an-tsaha sy ao an-tokantrano. Rehefa tsy mahita tombotsoa amin'ny fiombonana ny tantsaha iray dia tsy hamonjy fivoriana intsony. Zava-dehibe, araka izany, ny faminavinana ireo tao raharaha (*services*) azo omena ny mpikambana mialohan'ny hananganana fikambanana. Tokony hihoatra ny fahasahiranana mahazo ny mpikambana ny tombotsoa azony avy amin'io tao raharaha io. Mivondrona, ohatra, ny tantsaha 4 ka ny iray amin'izy ireo ihany no mitondra ny atody isan-kerinandro eny an-tsena mba hahalafo sy hahatsara vidy ny entana. Zava-poana anefa izany raha toa ka fivoriana impolo no atao kanefa 1 000 ariary monja no tombony azo amin'ny farany.

Betsaka ireo fikambanana tsy mety mandroso na rava vetivety satria tsy mahaliana loatra ny mpikambana ireo tao raharaha izay entiny.

### Karazana fikambanana tantsaha

Karazana tao raharaha maro no azon'ny vondrona na Fikambanana Tantsaha (FT) omena ireo mpikambana :

• Eo ireo tao raharaha amin'ny lafiny sendikaly na ny fiarovana ireo tombotsoan'ilay sehatr'asa. Ohatra, ady atao hanatsarana ny vidin-trondro na koa hiarovana ny renirano tsy haloto.

• Ireo tao raharaha amin'ny lafiny fampandrosoana, izay ahafahan'ny mpiompy trondro manatsara ny famokarany toy ny fanomezana fiofanana na ny fanakaramana teknisianina hanoro hevitra ny tantsaha.




*Kaoperativa MVPT (Mamboly Vary Piompy Trondro) ao Ambalamidera Ambohimanana, Matsiatra Ambony*




*Vondrona mpiompy trondro tsy ara-panjakana ao Tombakala, Faritra Atsinanana*

• Ireo tao raharaha ara-toekarena izay ahafahana manatsara ny varotra na mividy entana mora. Ohatra, ny fiarahana mividy zezika na ny fiaraha-mivarotra vokatra.

## Fikambanana tantsaha madinika na lehibe

Endrika maro no isehoan'ny fikambanana tantsaha, araka ny habeny. Mety ho mpifanolo-bodirindrina vitsivitsy maniry ny hiara-hiasa no mivondrona ao anatin'ny rafitra antsoina hoe « fikambanana fototra ». Toy izany, ohatra, ireo sompitra iombonana izay ahafahana miara-manorina sy mitantana toeram-pitehirizam-bokatra iray. Fahita koa, ohatra, ny fikambanan'ny mpiompy trondro 10 na maromaro, ao amin'ny fokontany iray, mba hahafahana miara-mivarotra ny vokatra eny amin'ny tsena akaiky indrindra na mifanome tanana amin'ny fanorenana ny barazin'izy ireo. Ireo fikambanana ireo anefa dia mety hivelatra haingana ka hahasahana toerana midadasika, mahavondrona kaominina maromaro mihitsy aza (ohatra : ny fikambanana TAHA izay velabelarin'ny filohany ao amin'ny pejy faha-6).

Azo atao ihany koa ny mampitambatra fikambanana fototra maromaro ho lasa « fiombonana » na « federasiona ». Ny fikambanana no mitantana ny asa araka izay tandrify azy ary mitondra ny olana izay tsy voavahany samirery eo anivon'ny fiombonana. Ohatra, ny fikambanana fototra no mitantana ny saha sekoly fa ny fiombonana kosa no manakarama teknisianina hisahana ireo fikambanana ifotony rehetra sy hanentana ny fiofanana any amin'ireo vala tahaky ny sekoly.

Misy ihany koa ireo fikambanana tantsaha atao hoe «faitière», rafitra lehibe mahasahana ny sehatra nasionaly ary manana andraikitra maromaro (sendikaly, fanomezana tohana ara-teknika, …). Eto Madagasikara dia ny FIFATA, SOA na Fikritama no fikambanana tantsaha *faitières* nasionaly misongadina.

## Ara-panjakana - tsy ara-panjakana

Matetika ny FT no mihevitra fa tokony hisoratra ara-panjakana mialohan'ny tena hiasany, araka ny fangatahan'ny sampandraharaham-panjakana. Araka ny hevitray dia tsy tokony hahamaika ny firosoana amin' izany. Tsy izany rahateo no miantoka ny fahombiazana nohon'ny fahasarotan'ny fananganana ka mety hampifanditra ny mpikambana.
Ireo traikefa iaraha-miaina matetika no ahitana ny karazana rafitra mifanaraka amin'ny filàna sy ahalalana ireo fomba fandrindrana sy fampandehanan-draharaha tena tsara.
Rehefa ampy traikefa tsara ka voatery hiroso amin'ny fanoratana ara-panjakana vao tokony hatsangana ara-pomba ofisialy ny fikambanana (Ohatra, mitaky fisiana ara-panjakana ny fahazoana fifanarahana mateza amin'ireo mpandraharaha sy ny fahafahana manao sonia izany).

## Karazana rafitra hafa

Fikambanana tantsaha no tena noresahintsika saingy tsy ireo rafitra ireo ihany akory no afaka manampy ny tantsaha amin'ny fampivoarana ny asany. Misy koa rafitra hafa tena manan-danja, izay tsy voatery atsangan'ny tantsaha fa ivondronan'ny mpisehatra maro.

Ny taona 2009 no nametrahan'ny Fanjakana malagasy ny *Fonds Régionaux de Développement Agricole* (FRDA) tany amin'ny faritra maromaro. Tanjon'izy ireny ny hamatsy vola ny fanohanana ara-teknika ny tantsaha, ny fampitaovana, ny fanorenana fotodrafitrasa, ny fikarohana ara-pambolena, sns.
Araka ny sata mifehy ny CROA izay rafitra mpankato ny fangatahana famatsiam-bola dia tantsaha ny atsasaky ny mpikambana ; azon'ireo tantsaha ireo atodika any amin'ny lohahevitra heveriny ho manan-danja ny asa ataony.

Ny fiombonan'ny mpiray sehatr'asa dia rafitra ivondronan'ny mpisehatra rehetra ao anatin'ny zotram-pihariana iray hahamafy orina ilay sehatra. Ho an'ny seha-pihariana trondro an-




*Vondrona mpiompy trondro ao Itasy*

dranomamy, ny fiombonan'ny mpiray sehatr'asa, ohatra, dia ahitana mpanjono, mpiompy trondro, mpivarotra, mpambongady sy mpaninjara, ministera, tetikasa, mpihinana, sns. Ahafahan'ny mpisehatra rehetra mifampiresaka sy manamora ny fifanarahana eo amin'ny fanatsarana ny kaliotaombokatra, ohatra, io fiombonana io.

Farany, matetika dia rafitra izay tsy mifandray velively amin'ny famokarana no mety hanampy ireo mpiompy trondro.
Ohatra, taorian'ny tetikasa fampiofanana an-tsekoly (jereo ao amin'ny pejy faha-8) dia ny fikambanan'ny ray amandrenin'ny mpianatra no manohy ny asa fampandrosoana ny fiompiana trondro.

# « TAHA », FIKAMBANANA MPIOMPY TRONDRO, MANAN-KARENA TETIKASA

*Atoa Rakotonirina Rabarison Zo, filohan'ny fikambanana TAHA (Trondro Aina sy Harenan'Ankazobe), mpiompy trondro nandritra ny 8 taona tao Vangaina, ao amin'ny Kaominina Ambohitromby, dimy ambinifolo kilaometatra atsimon'Ankazobe, Faritra Analamanga, no hitantara amintsika ao anatin'ity fanadihadiana ity ny fiainana sy ireo tetikasan'ny fikambanany.*

**FMT : Inona no nahatonga anareo hanorina fikambanana ?**

**RRZ :** Talohan'ny fananganana fikambanana dia efa nifampidinika momba ny hitadiavana vahaolana manoloana ny firongatry ny halatra renin-trondro ny mpikambana. Ny fifanakalozam-baovao matetika teo amin'ireo mpiompy mikasika ny tahirin-drenin-trondro no nahalalana ireo renin-trondro halatra misy mivarotra.

Ankoatra izay, nanangana tsenan-jana-trondro tao amin'ny Kaominina Ankazobe ireo naniry ho mpikambana ny volana desambra 2016, niaraka tamin'ny fanohanan'ny tetikasa AMPIANA sy ny Faripiadidian'ny Harena Anaty Rano sy ny Jono (CIRRHP). Nahitam-pahombiazana izany.

Ny volana janoary 2017, nihevitra ny hanangana fikambanana izahay mba hahamora ny firesahana amin'ny Kaominin'Ankazobe satria naniry ny hananana toerana raikitra hivarotana zana-trondro ao an-tsena. Hampandroso ny fiompiana trondro ao amin'ny Distrik'Ankazobe moa no tanjonay.

**FMT : Inona àry ny TAHA ankehitriny ?**

**RZZ :** Ny TAHA dia fikambanana ivondronan'ny mpiompy trondro avy amin'ny kaominina 6 : Ankazobe, Mahavelona, Antotohazo, Ambohitromby, Fiahonana sy Talatan'Angavo. Raha 38 izahay tany am-piandohana dia mahatratra 60 ny mpikambana ankehitriny.

Ny volana febroary 2017 no niorina tamin'ny alalan'ny fivoriambe fananganana ny fikambanana. Natsangana ny birao ary voajoro ara-panjakana ny fikambanana ny volana jona 2017.

Ny fivoriambe no mpanapan-kevitra. Isan-telo volana no mivory ny fikambanana, araka ny satany, saingy isam-bolana, amin'ny andron'ny tsenan'Ankazobe, izahay no mivory amin'izao fanombohana izao.

nivarotana zana-trondro, ny volana desambra 2016 ka hatramin'ny aprily 2017. 200 Ar no vidin'ny zana-trondro farany ambany, araka ny habeny.




*Rakotonirina Rabarison Zo, filohan'ny fikambanana mpiompy trondro TAHA*

**FMT : Inona marina moa no tena asanareo ?**

**RZZ :** Nohararaotinay ny tolotra avy amin'ny tetikasa AMPIANA mikasika ny fametrahana tsenan-jana-trondro ao Ankazobe. Taorian'ny fitsidihan'ireo mpikambana 6 ny tsenan-janatrondro tany Betafo dia narindranay ny fitantanana io toeram-pivarotana io. Isaky ny alatsinainy, andro tsena, no

Rehefa notombanana ny tsenan-jana-trondro taorian'ny fotoam-pamokarana dia nahatratra 4 000 ny zana-trondro lafo tao an-tsena. Nahafahanay nampivelatra ny fifandraisanay tamin'ireo mpanjifa sy nahazoanay kaomandin-jana-trondro 30 000 amboniny ny fivarotana tao.

Ny volana may 2017, varotra trondro velona indray no nan-

dimby ny zana-trondro. 12 000 Ar ny vidin'ny iray kilao. Tsy maintsy nasiana fandrindrana teo anivon'ny mpikambana mba tsy hisy fahatapahana ny famatsiana trondro ny tsena.

Fitaovana famatsian-drivotra, mandeha amin'ny vatoaratra, nomen'ny tetikasa no ampiasainay mba hialàna amin'ny fatiantoka ateraky ny fitaterana zana-trondro sy trondro. Manana famatsian-drivotra 6 ankehitriny ny fikambanana. Atokan'ny fikambanana hikojakojana ireo fitaovana ireo sy hividianana vaovao ny 5 %n'ny vidim-bokatra. Efa ampy hividianana fitaovana vaovao ankehitriny ny 70 000 Ar voatahiry.

Nohon'ny fanohanan'ny teknisianin'ny tetikasa dia manatanteraka fiofanana adiny roa isam-bolana izahay. Efa niofananay izao ny fisafidianana ny renin-trondro ; mbola ho avy koa ny fiofanana mikasika ny famokarana sy fitaterana zana-trondro.



*Mihevitra ny hanamboatra trano vato ahitana dobo miefitrefitra hametrahana ireo trondro sy zana-trondro amidy ny fikambanana TAHA*

**FMT : Misy tetikasa hafa omaninareo ve ?**

**RZZ :** Ankoatra ireo fiofanana ara-teknika dia manomana fiofanana mikasika ny fanamboarana fitaovam-panjonoana sy ny fiainam-pikambanana izahay.

Mihevitra ny hanamboatra fitaovana enti-mampita fahalalana miendrika boky kely na tahirin-kevitra voarakitra amin'ny labasy koa izahay hampiofanana ny mpikambana.

Nanamboatra ny lisitry ny mpamokatra zana-trondro ato amin'ny Faritra Analamanga ny tetikasa AMPIANA tamin'ny taon-dasa. Hiara-miasa aminy izahay amin'ny hampidirana ireo mpikambana izay tsy mbola voasoratra. Nandray andraikitra, araka izany, ny fikambanana ka nanangona ny mombamomba ireo mpiompy : laharan-tariby, isan'ny zana-trondro vokatra ho an'ny taona 2016/2017, sns.

Irinay ihany koa ny hanana paikady fanampiana manakaiky ireo mpikambana, indrindra any amin'ny toerana tsy iasan'ny tetikasa AMPIANA. Maniry ny hampiasa tantsaha mpanentana ny TAHA, [mitovy amin'ny ataon'ny APDRA any amin'ny toerana hafa eto Afovoan-tany]. Hanampy ny tantsaha amin'ny faritra akaiky azy, tsy mandeha mihoatra ny 10 km, ny tantsaha mpanentana iray.

Mihevitra ny handefa fandaharana maharitra ao amin'iray amin'ireo onjampeo eto amin'ny distrika koa izahay.

Farany dia tianay harovana sy hamafisina tsara ny toerampivarotana ao amin'ny tsenan'Ankazobe : tanjona amin'izany ny hananganana trano vato sahaza ny varotra zana-trondro sy trondro velona (fahazoana loharano, dobo miefitrefitra ahafahana mivarotra zana-trondro araka ny habeny na trondro velona). Izany indrindra no anirianay ny hitsidika ny toeram-pivarotana trondro velona ao Ambatomisibiby, amoron'ny làlam-pirenena faha-7, atsimon'Ambohimahasoa.

**FMT : Manoloana izany tetikasa rehetra izany, nisy olana nosedrainareo ve ?**

**RZZ :** Eny, ilaina famondronan-kery ny fanatontosana izany. Soa ihany anefa fa mavitrika avokoa ny mpikambana ao amin'ny biraonay. Ny fananganana ny fikambanana ho ara-panjakana no tena nanahirana. Niadana ny fanatanterahana izany (sata, …) sady nilàna vola betsaka.

Fantatray fa marefo ny toeram-pivarotanay : hatramin'izao dia tsy mbola manana toeram-pivarotana raikitra ao an-tsena ny fikambanana. Mifampiresaka tsy tapaka amin'ny kaominina izahay amin'izany.

Tsy ampy ihany koa ny fanohanana ny mpikambana. Nohon'ny tsy fananany teknisianina dia sarotra ny fanaraha-maso ny fiompian'izy ireo, indrindra ireo monina ao Talatan'Angavo izay tsy iasan'ny tetikasa. Ankoatra izay, midadasika ireo kaominina 6 ireo kanefa tsy mbola manana fitaovampitaterana hanamorana ny fitetezana azy ny fikambanana.

Hampandroso ny fiompiana trondro ao amin'ny faritra Ankazobe no tanjon'ny fikambanana amin'ny ankapobeny. Mavitrika ny fikambanana ary mandray andraikitra hahasoa ny mpikambana na dia maro aza ny olana eny an-dàlana.

Nandritra ny enim-bolana voalohany nijoroan'ny fikambanana dia maro ny asa vita ary nahitam-bokatra, maro koa ny vinavinaina hanamafisana ny fahaiza-manao ara-teknika sy ara-pandaminana. Mbola mangataka ny fanohanan'ny mpiara-miasa (tetikasa, mpiara-miasa ara-panjakana sy tsy miankina) hatrany izahay amin'izany fizoranay amin'ny fampandrosoana izany.

### Fampiofanana an-tsekoly ao Matsiatra Ambony

# NITERAKA FIENTANANA ARA-TSOSIALY TAO ANDOHARANOMAITSO

*Isan'ireo toerana mety amin'ny fiompiana trondro ny Kaominina Andoharanomaitso. Nangataka tohana avy amin'ny APDRA ny mponina tao, ny taona 2008. Tao amin'ny kolejy Imapa izao dia niteraka fiaraha-mientana teo amin'ny mpampianatra sy ny mpiompy trondro ary ny ray aman-drenin'ny mpianatra ny fifaranan'ny tetikasa fampiofanana fiompiana trondro an-tsekoly.*

## Fiaraha-miasa hatry ny ela

Ny taona 2008 no nanomboka niara-niasa ny APDRA sy ireo mpiompy trondro an-tanimbary. Tantsaha marefo ara-pivelomana avy amin'ny fokontany maro no nanao fangatahana tamin'ny APDRA ka taorian'ny fitsidihana voalohany dia tapa-kevitra ny hanome tohana amin'ny fampiharana ny fanatavizana sy famokarana zana-trondro ny ekipa.

Taona maromaro taty aoriana dia nanapa-kevitra hanofana « tantsaha mpampita » ny APDRA. Ireo no nivoy ny fampiroboroboana ny teknika fanatavizana karpa ary ny fanentanana ireo tantsaha namany.

## Ny fampiofanana an-tsekoly

Telo taona lasa izay, nanitatra ny fiaraha-miasany tamin'ny sekoly ny APDRA miasa ao Afovoan-tany ka mpianatra eny amin'ny ambaratonga faharoa fototra no nahazo fiofanana mikasika ny fiompiana trondro an-tanimbary avy amin'ireo mpampianatra mpampita izay nofanin'ny APDRA ihany.

Nomena fiofanana mivantana koa ireo ray aman-dreny izay liana tamin'ny fiompiana trondro. Izany indrindra no nahafahan'ny mpianakavy niara-nanamafy ny fiofanana teny antanimbary, samy nitondra ny fahaizany avy.

Tsy ireo ray aman-dreny manan-janaka ao amin'ny kolejy ihany no nampihatra fa nisy ireo ray aman-dreny hafa koa nanao dika mitovy raha nahita ny vokatra azo. Nisy tamin'izy ireo no nanatona ny olona nahazo fiofanana sy nangataka fanohanana.




*Mpianatry ny kolejy Imapa manao fampiharana ny teknikam-panajariana toeram-piompiana, otronin'ireo mpampianatra sy ray aman-dreny*




*Rakotonirina Donné, talen'ny kolejy Imapa Andoharanomaitso*

## Fiaraha-mientana ara-tsosialy taorian'ny tetikasa

Ny fiaraha-miasa mavitriky ny mpisehatra rehetra amin'ny fiompiana tao Andoharanomaitso dia nampisy fiaraha-mientana ara-tsosialy tao an-toerana.

Nanjohy hatrany ny sekoly sy ny fampiharana ataony koa ny tantsaha mpampita sady mpampiteraka : mamatsy zanatrondro, manome tanimbary iompiana, manoro hevitra arateknika.

Tsy nalai-tanà-miepaka ny mpampianatra mpampita sy ny mpiompy fa nifanakalo hevitra mikasika ny teknikam-piompiana.

Rehefa niakatra ny vokatra dia nisy lamina nataon'ny fikambanan'ny ray aman-drenin'ny mpianatra ka izy ireo ihany no nanangona sy nivarotra ny trondro.

Ho an'ny sekoly Imapa, dia nisy fihenana ny sara-pisoratana anarana ho an'ireo mpianatra nikarakara ny karpan'ny sekoly. Tombotsoa ara-toekarena sy ara-tsosialy hita taratra sy nivaingana izany ho an'ny ray aman-dreny.

Morontsiraka Atsinanana

# FAMONDRONANA SY FAMPIFANDRAISANA IREO MPIOMPY

*Any amin'ny Morontsiraka Atsinanan'i Madagasikara, nampirisihin'ny PPMCE-SA hiara-hiasa ireo mpiompy trondro. Rehefa nifarana ny tetikasa dia vondron'olona naniry hiompy trondro miisa 34 no tafajoro, miparitaka amin'ny kaominina 23 sy fokontany 58.*

## Fijoroana vondrona tsy ara-panjakana avy amin'ny fampirisihin'ny APDRA

Hatrany am-piandohana dia nangataka ny hivondronan'ireo olona maniry ny hiompy trondro ny APDRA. Navondrona araka ny halaviran'ny toerana misy azy avy izy ireo ka tanjona maromaro no napetraka :

• Fampirisihana ny fifanomezan-tànana eo amin'ireo asa takian'ny fiompiana trondro, indrindra amin'ny lafiny fanajariana toeram-piompiana, izay ilàna mpiasa maro, sy amin'ny jono.

• Fitondrana tohana sy fampiofanana faobe, izay mampihena ny fandaniana kanefa mampiakatra ihany koa ny isan'ny olona voaofana.

• Fanamorana ny fifanakalozana traikefa sy fahaiza-manao ka ampaharetana ny asa fampandrosoana ny fiompiana trondro.

Tsy nampirisika ireo vondrona ireo hanana fisiana ara-panjakana ka hametrahany sata sy fitsipika anatiny ny APDRA. Nangatahiny kosa anefa ny hanehoan'izy ireo mazava ny fahavononany amin'ny alalan'ny fanaovan-tsonia ny « fifanarahana fanokafana ny faritra » iasan'izy ireo.
Ahafahana miroso amin'izany fanokafana fari-piasana izany dia mpikambana 2 na 3 farafahakeliny no efa nanomboka nanajary, midika fa mafy fototra ilay fikambanana. Mandritra ny sonia dia manome toky tsirairay sy iarahana ny mpikambana ka omena karazana lasitra *moine* sy bizo izy amin'izany.
Tamin'ny faran'ny volana jona 2017 dia fari-piasana 23, ahitana mpiompy trondro miisa 100, no voasokatra.



Fanokafana faritra fiasan'ny vondrona tao Ambohimiadana

## Fahavitrihana sy fomba fiasan'ny vondrona

Olona 6 matetika no mandrafitra ny vondrona iray, 3 farafahakeliny ary manodidina ny 15 ny betsaka indrindra. Samy hafa ny fahavitrihan'ny fikambanana rehetra, 20 %n'izy ireo no tena mavitrika, izany hoe miara-miasa marina. Misy amin'izy ireo no efa manomboka ireo dingana hahatonga azy ho ara-panjakana. Maro amin'ireo mpikambana ao amin'ny fikambanana mavitrika no mpihavana.

Ny fikambanana ao Ambodivoananto, Distrikan'i Vatomandry, izao dia efa miroso amin'ny fangatahana fankatoavana ara-panjakana. Nifidy filoha ny mpikambana, mpitan-tsoratra iray ary mpitahiry vola iray. Namaritra andro maromaro isankerinandro hiara-manajary any amin'ny toeram-piompian'ny tsirairay izy ireo. Rehefa tsy afaka mankany ny mpikambana iray dia efa misy fomba fanonerana izany amin'ny alalan'ny kitapom-bola iraisana. Ny vola ao amin'io kitapo io ankehitriny no anamboarana lasitra *moine* izay zary ho fananan'ny fikambanana.

Ny firindran'asa eo anivon'ny fikambanana no ahatarafana fa afaka mifanohana sy mifampizara teknikam-piompiana na trondro ihany koa, ny mpikambana, araka ny filàn'ny tsirairay.



Mpikambana ao amin'ny vondron'Ambodivoananto

## Miroso amin'ny fananganana tambazotran'ny làlam-pihariana trondro

Nikarakara fihaonana maromaro toy ny atrikasa tombana eo anivon'ny faritra, ny fitsidihana eo antoerana na amin'ny samy faritra, ny APDRA. Solontena iray isaky ny vondrona no voatendry handray anjara amin'ireny fihaonana ireny ka manao tatitra amin'ny fikambanana rehefa tafaverina.
Nahafahan'ireo mpiompy trondro nifampiantso, nifankalo fahaizana sy trondro ireo fihaonana ireo ka nahitana soritra ny fiforonan'ny tambazotra momba ny làlam-pihariana trondro ao amin'ny Faritra Atsinanana sy Analanjirofo.

Distrikan'i Faratsiho

# FIOMPIANA TRONDRO SY FIKAMBANANA MIARA-MIVOATRA

*Anisan'ireo toerana mamokatra ao amin'ny Faritra Vakinankaratra ny Distrikan'i Faratsiho. Manomboka mahazo vahana ao ihany koa ankehitriny ny fiompiana trondro an-tanimbary.*

## Fitaratry Valy sy ny fiompiana trondro

Ny fikambanana Fitaratry Valy izay ahitana mpiompy trondro 15 no nandray anjara mavitrika tamin'ny fampiroboroboana ny fiompiana trondro an-tanimbary sy ny fiainam-pikambanana tao amin'ny Kaominina Antsampanimahazo, Distrikan'i Faratsiho. Ny taona 1987 no niorenany ara-panjakana saingy ny taona 2015 vao tena niasa tsara ny rafitra.

Ny filoha, ny filoha lefitra, ny mpitan-tsoratra, ny mpitahiry vola ary mpanolon-tsaina telo no mandrafitra ny biraon'ny fikambanana. Ny fivoriambe izay ahitana ireo mpikambana rehetra dia mivory indroa isan-taona ka mandray fanapahan-kevitra mifanaraka amin'ny asan'ny fikambanana. Hampandehanana ny rafitra dia mandoa latsak'emboka 100 Ar isam-bolana sy 500 Ar isan-taona ny mpikambana tsirairay. Ny fiompiana trondro an-tanimbary moa no tena asany.

Nanomboka fanatavizana karpa an-tanimbary ny fikambanana taorian'ny fampiofanana tantsaha nomen'ny APDRA sy novatsian'ny FRDA vola (jereo pejy faha-11) tamin'ny taona 2014. Nandray anjara tamin'izany, Randrianarivony Abdon, filohan'ny fikambanana. Tamin'ny 2015 dia izy indray no nampiofana ireo mpikambana niaraka tamin'ny fanampian'ny tantsaha mpampita izay sady mpikambana no nofanin'ny APDRA ihany koa.

Mifanakaiky ireo fokontany ipetrahan'ny mpikambana. Mifampitsidika matetika izy ireo ka mifanakalo vaovao, teknika, indrindra mialoha ny fotoam-piompiana. Mifanome tanana ihany koa ireo mpikambana amin'ny famoaham-bokatra, araka ny haben'ny tanimbary ampiasaina.




Rakotonindrina Jean Théophile, mpitahiry volan'ny fikambanana Fitaratry Valy

Rehefa hampiditra trondro dia mahazo fihenam-bidy 20 % (80 Ar raha tokony ho 100 Ar) amin'ny vidin'ny zana-trondro na fanemorana fandoavana avy amin'ny mpikambana mpamokatra ireo namany.

Manome torohevitra arateknika sy mampahafantatra izay vaovao mahasoa (tsena, fiofanana, vidin-jana-trondro tsara…) ny mpikambana ny fikambanana.

Mitsidika isam-bolana ny mpikambana, tsirairay na miaraka, ny filoha amin'izany.

Ny volana janoary 2017, nanome zana-trondro 10 hohatavizin'ny mpikambana tsirairay ny filohan'ny fikambanana. Harotsaka ao anatin'ny kitapom-bolan'ny fikambanana ny vidin-trondro vaventy azo amin'izany rehefa miakatra ny vokatra.



Randrianarivony Abdon, filohan'ny fikambanana Fitaratry Valy

Liana tamin'ny fiompiana trondro an-tanimbary ny mpikambana mba hahafahana mampitombo ny fidiram-bolan'ny tokantrano. Mora kokoa ho an'izy ireo ny manao io asa io miohatra amin'ny fiompiana biby hafa toy ny kisoa sy vorona izay mitaky fananam-bola be eo am-panombohana na tahirim-bola fikarakarana. Ny fiompiana trondro an-tanimbary anefa dia azo atomboka amin'ny zana-trondro dimampolo na an'arivony, araka izay fahafahana sy tanimbary ananana.

## Nitombo ny filàna zana-trondro, nivelatra ny fikambanana

Niroborobo ny fanatavizana trondro an-tanimbary tao amin'ny Kaominina Antsampanimahazo ka tojo olana teo amin'ny famatsiana zana-trondro ny mpiompy satria iray ihany ny mpamokatra. Voatery nividy zana-trondro tany amin'ny kaominina hafa izy ireo. Izany no nahatonga ny fikambanana Fitaratry Valy sy ireo fikambanana tantsaha roa hafa (Miaramizotra, Tantsaha Mandroso) tao Antsampanimahazo hiara-mividy zana-trondro ka tsy nahavery fotoana kanefa nahazoan'izy ireo entana betsaka.

Natsangan'izy ireo àry ny VOMPIA (Vondron'ny MPIompy trondro Antsampanimahazo), rafitra lehibe kokoa, mba hahamora ny fahazoana zana-trondro eo an-toerana amin'ny alalan'ny fampitomboana ny vokatra. Mahazo zana-trondro mora ny mpiompy amin'izany no idiram-bola ny kaominina.

Ny volana aogositra 2016, mpikambana roa hafa tao amin'ny VOMPIA no nahazo fiofanana tamin'ny APDRA. Manomboka mahafehy ny teknika izy ireo ankehitriny. Tamin'ny taompamokarana 2015/2016 farany teo dia nampiakatra zanatrondro maherin'ny 20 000 ny mpamokatra teo anivon'ny VOMPIA raha 3 300 ny vokatra teo aloha.

FRDA Vakinankaratra

# FAMATSIAM-BOLA NY FIOMPIANA TRONDRO

*Haingana kokoa ny fampandrosoana ny asa fihariana eny ambanivolo rehefa ampy ny vola ilaina amin'izany. Izany indrindra no nametrahana ny Fonds Régional de Développement Agricole (FRDA) izay rafitra famatsiam-bola, eo ambany fiahian'ny Ministeram-panjakana misahana ny fambolena sy fiompiana eto Madagasikara ankehitriny.*

Nanomboka tamin'ny taona 2011 ka hatramin'ny 2020 dia ny Agence Française de Développement sy ny Fanjakana malagasy no mamatsy vola ny fampandehanan-draharaha sy ireo tolo-draharaha ao amin'ny FRDA. Ny Helvetas Swiss Intercoopération kosa no niantoka ny teti-bola fampandehanan-draharaha ny jolay 2011 hatramin'ny may 2013.

Hatramin'ny volana jona 2018 dia iarahana manatanteraka amin'ny fikambanana FERT*(*Formation pour l'Epanoussement et le Renouveau de la Terre*)*, rafitra mpanohana voasafidy ho amin'izany, ny asa rehetra eo anivon'ny FRDA Vakinankaratra. Aorian'izay dia hiara-hiasa amin'ny FDA (Fonds de Développement Agricole) na kitapom-bolam-panjakana nasionaly izay rafitra ahian'ny Fanjakana, ny FRDA.

## Rafitra

Rafitra roa no hita eo anivon'ny FRDA Vakinankaratra : ny CROA (Comité Régional d'Orientation et d'Allocation) sy ny rafitra mpanatanteraka.

Ny CROA, rafitra mpanapa-kevitra, dia ahitana mpikambana 14 misolotena sokajy 9 : vovonana fikambanana tantsaha (4) izay misolotena ireo seha-pamokarana misy azy avy ; Centre de Services Agricoles na CSA (2) ; Tranoben'ny Tantsaha anivon'ny faritra (1) ; Mpandraharahan'ny fampandrosoana (1) ; banky sy mpampindramam-bola madinika (1) ; Faritra Vakinankaratra (1) ; Ministeran'ny Fambolena sy Fiompiana (2) ; Ministeran'ny Harena Anaty Rano sy ny Jono (1) ; Ministeran'ny Vola sy ny Teti-bola (1).

Ny sokajy tsirairay no mifidy na manendry ny mpikambana. Ny rafitra mpanatanteraka dia ivondronan'ny ekipan'ny Talem-paritry ny FRDA izay ahitana olona 9 (Tale 1, teknisianina 4, mpiasa birao 2 ary mpiasa mpanampy 2).

Amin'ny alalan'ny CSA, ny mpandraharahan'ny famatsiam-bola madinika, ny fikambanana tantsaha anivon'ny faritra ary ireo tetikasa no andraisan'ny FRDA ny fangatahan'ny tantsaha.

Eo anivon'ny CROA kosa no andinihana sy andaniana ny famatsiam-bola. Afaka manao fangatahana famatsiam-bola daholo rehefa fikambanana tantsaha.

## Sehatr'asa vatsiana vola

Mahasahana lafin'asa fampandrosoana ambanivolo maro ny famatsiam-bolan'ny FRDA, toy izany ny fanatsarana ny famokarana sy ny vokam-pambolena (fiofanana, fikarohana, fanamafisana fahaiza-manao, fanomezana fitaovana/fampitaovana sy fotodrafitrasa), ny fampandrosoana zotram-pihariana na ny fampindramam-bola madinika, ny fanohanana ny fiverenan'ireo tanora niofana ho tantsaha eny ifotony. Azo angatahana hanamafisana ny fandrindrana ny raharahan'ny fikambanana tantsaha koa izany.

## 4 isan-jaton'ny teti-bola ho an'ny jono sy ny fiompiana trondro

Teo anelanelan'ny 2011 sy 2017 dia fangatahana 106 amin'ny 119 voaray mikasika ny sehatry ny jono no novatsiana vola, fangatahana 380 ho an'ny fambolena ary 765 ho an'ny fiompiana. Raha ny fiompiana trondro no jerena dia fianakaviana 3 048 no nisitraka ny famatsiam-bola. Ny fanohanana ny fiofanana ara-teknika no tena be mpangataka, manoloana ny fampitaovana sy fanorenana fotodrafitrasa. Mbola tena ambany anefa ny famatsiam-bola miantefa amin'ny jono sy ny fiompiana trondro satria tsy mahatratra afa-tsy 4 isan-jaton'ny zava-bitan'ny FRDA.




*Ekipa miady ho an'ny fampandrosoana ny fiompiana trondro ao Vakinankaratra*

## Ampiakarina ny famatsiam-bola ny fiompiana trondro

Efa nisy ny ezaka natao hampiakarana ny famatsiam-bola ho an'ny fiompiana trondro. Nisy fihaonana araka izany teo amin'ny mpikamban'ny CROA, ny mpandrindra ny CSA Betafo sy ny mpandrindra iraisam-paritry ny APDRA nandritra ny fivoriamben'ny CROA ny 23 sy 24 jona 2017. Nodinihina tamin'izay ny paikady hoentina mampitombo ny isan'ireo fangatahana famatsiam-bola ho an'ny sehatra fiompiana trondro sy ireo tolotra famatsiam-bola. Ho an'ny distrikan'i Betafo, ohatra, dia tapaka fa hosokafana mandavantaona ny famatsiam-bola noho ny fahampian'ny rano entina miompy trondro.

Ho an'ny distrika hafa dia mbola hisy fihaonana ahafahana miara-mamaritra ny diarim-pamatsiam-bola amin'ny Sampandraharaham-paritry ny harena anaty rano sy ny jono, ny CSA, ny APDRA sy ireo mpamokatra voakasika mivantana.

# SAMY HAFA

## MAHALIANA

### NY «POISSON PIERRE», ILAY TRONDRO FARAN'IZAY MITONDRA POIZINA

Fianakavian'ny trondro atao hoe *Scorpaenidae* ny *poisson pierre* na koa *Synanceia verrucosa*. Voasokajy ho trondro faran'izay mitondra poizina eto amin'izao tontolo izao izy. Miaina anaty rano mafana sy masira amin'ny faritra tropikaly ny *poisson pierre*. Ahitana azy, ohatra, any Polynésie, any amin'ny nosy Maurice sy La Réunion.

#### Mitovitovy amin'ny vato

Lehibe sy mivelatra ny lohan'ny *poisson pierre* ary misokatra miakatra ny vavany. Tsy misy kirany ny vatany saingy rakotra tsiranoka madity izay ipetahan'ny zavamaniry anaty rano na fakon-javatra koa. Indraindray dia somary misitrika anaty fasika izy. Manopy volon-davenona na volon-tany ny lokony. Vitan'ny *poisson pierre* ny tsy mihetsika mandritra ny fotoana maharitra ka mahatonga ny olona hihevitra azy ho vato. Sarotra hita ny *poisson pierre* noho ireo toetoetrany ireo.

#### Vombon-damosina misy poizina

Mitondra poizina ny *poisson pierre*. Ireo vombo eo andamosiny no itoeran'izany. Mahagoaka ireny vodin-kiraro vita amin'ny *caoutchouc* ireny ny fanindron'ny vombony. Mahatsapa fanaintainana mafy eo noho eo ny olona voatsindron'ity karazan-trondro ity.

Tsy mampihetsika ny nofo rehetra ny poizina alefany, mahatonga fandoavana ary mety hahatorana mihitsy. Soa ihany anefa fa vitsy ireo tranga amoizana aina, raha tsy hoe maty an-drano ilay olona na taitra loatra ny fony taorian'ny tsindrona nahazo azy. Tsara ihany anefa ny manatona toeram-pitsaboana avy hatrany raha vao voatsindrona.




*Mitahiry poizina ny vombon-damosin'ny poisson pierre*

## NAHANDRO TRONDRO SINOA

**Zavatra ilaina :**

*Trondro iray salantsalany*
*Saosy soja 5 sotro fihinanana*
*Siramamy 5 sotro fihinanana*
*Tongolo lay, sakamalaho*
*Tongolo maitso, kotomila*
*Menaka 2 sotro fihinanana*
*Rano eran'ny vera*

**Fikarakarana**

1. Ahandroina tsy misarona mandritra ny 20 minitra ny trondro efa voadio tsara.

2. Karakaraina ny saosy : endasina amin'ny menaka mafana ny tongolo lay sy ny sakamalaho voatetika manify.

3. Arotsaka ny siramamy, rano ary saosy soja, afangaro matetika ny saosy mandra-pahazoana izay hateviny tiana




*Trondro nahandroina tamin'ny fomba sinoa*

4. Arotsaka mialohan'ny hanalàna ny saosy teo ambony afo ny tongolo maitso sy ny kotomila voatetika na anaingoana ny sakafo ihany koa.

5. Araraka eo ambonin'ilay trondro ny saosy ary aroso miaraka amin'ny vary fotsy.

Mazotoa homana o !

APDRA
PISCICULTURE PAYSANNE

APDRA
Pisciculture Paysanne
Antenne Madagascar
La Résidence Sociale
Antsirabe - MADAGASCAR
Tél. (261) (20) 44 915 85
lvrp@apdra.org

*Talen'ny Famoahana*
Barbara Bentz

*Tonian'ny Fanoratana*
Sidonie Rasoarimalala

*Mpanoratra*
Clémentine Maureaud
Philippe Martel
Tsiry Rabarijaona
Patrick Randrianetsy
Vola Ratiarivelo
Eric Razafimandimby
Faly Razanajatovo